Filoha Rajoelina 3
**Tompon-daka fa amin'ny tsy fahaizana mitantana**

Fampianarana amin'ny tenindreny 3
**Fampitana fahalalana mahomby indrindra**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 24 febroary 2022 Laharana 1266 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Mpandrindra nasiônalin'ny TIM 2
**10 taona ihany no mampanankery ny lisi-pifidianana**

Vehivavy TIM sy ny Filoha Ravalomanana 3

## Firaisankina hatrany no hampahomby ny antoko



Fanehoan-kevitra amin'ny FB 2

## Tratran'ny ramatahora ny tanora TIM iray any Fianarantsoa



Rivodoza Emnati, nahazo rano Androy 6

## Lasibatra Atsinanana, Vatovavy Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Ihorombe...



Zazah Ramandimbiarison 3

## Tandremo, tandremo miha-mikoroso fahana ny firenena



**Donnons Nous La Main** 6
Nanolotra fanampiana ho an' ny zaza kambotin'ny zandary

**Tranombarotra Baolai** 7
Mitohy ny « promotion cadeaux »

**Daka kely**
Ataon'ny mpanao facebook mahita mihitsy lisany ry Boaikely fa mitapitapy a !

MPANDRINDRA NASIÔNALIN'NY TIM

# 10 taona ihany no mampanan-kery ny lisi-pifidianana

Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena ny mpandrindra nasiônalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Jean Claude Rakotonirina. Nambarany tamin'izany, fa ilaina ny fisian'ny fikaonandoham-pirenena hanatsarana ny rafi-pifidianana amin'ny ankapobeny eto amintsika. Tsy vao izao ny TIM sy ny RMDM hoy izy, no nanao antso avo mahakasika izany, fa efa tany Toamasina ny faran'ny taona 2021 no efa nilazana izany. Niaraha-nahita ny tsy fahatomombanana tamin' ny fikirakirana sy fikarakarana fifidianana nisy teo aloha, fa tany demokratika ity nosintsika ity , ka nasiana ny fandeferana, mba hiantohana ny filaminana. Na izany aza, raisina ho fakana lesona ny zava-nisy. Ilaina ny fikaonandoha, mba handinihana mialohan'ny fotoana izay hanatsarana ny rafitra , mba hisian'ny fifidianana mangarahara sy eken'ny rehetra. Tsy fangatahan'ny fanoherana fotsiny izany, fa ny lalàna mihitsy no mametra fa 10 taona ihany no fe-potoana mampanan-kery ny lisi-pifidianana. Ny taona 2012 no nikitihana an'io farany hoy izy, raha izany, tokony ho tamin'ny herintaona aza dia efa natao ny «refonte», na ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana eto Madagasikara. Hatao koa ny fikaonandoham-pirenena, mba hisian'ny adihevitra malalaka ho an'ny rehetra, mba tsy hisian'ny fanapahan-kevitra «unilaterale» na mandeha ila.



Jean Claude Rakotonirina, mpandrindra nasiônalin'ny antoko TIM.

**Nangonin'Isambilo**

Tanora Arema

# Tany Avaradrano no namaranany ny hetsika tagnamaro

Nahavitan'ny antoko Arema asa fanadiovana tamin'ny alalan'ny asa tagnamaron'ny tanora Arema avokoa, ireo faritra iva amin'ny boriboritany 6 teto Antananarivo ary navitrika hatrany ireo tanora nanao izany. Tsy nijanona hatreo ny asa, fa niiitatra tany Atsimondrano ary ny tany amin'ny distrikan' Avaradrano, no namaranana izany ny faran'ny herinandro teo.

Tao amin'ny fokontany Antanandrano Androhibe, no namaranana izany asa tagnamaron'ny tanora Arema izany, ka tanora 60 mianadahy no nanatanteraka ny asa fanadiovana nandritra ny dimy andro. Faly ny mponina tao Avaradrano noho ny fandraisana andraikitra izay nasehon'ny tanora Arema. Naneho Fisaorana ny sekretera nasionalin'ny Antoko Arema izy ireo noho izay asa manakaiky ny vahoaka izay. Nampanantena ny tanora Arema, fa vononana ny hiasa izy ireo rehefa misy ny fangatahana avy amin'ny mponina eny ifotony .



Ny asa tagnamaro nataon'ny Tanora Arema, tany Avaradrano.

**Niaina**

Fanehoan-kevitra amin'ny FB

# Tratran'ny ramatahora ny tanora TIM iray any Fianarantsoa

Tratra ny antsojay sy ny ramatahoran'ny fitondrana ny mpikambana amin' ny Tanora TIM iray any Fianarantsoa dia Lydia Rasoarimalala. Voaantso eny amin'ny mpitandro ny filaminana izy, noho ny fanaovana commentaire, na fanehoan-kevitra tao amin'ny FB (facebook). Rah any zavatra nosoratany tao dia hoe: "FANTATRO TSARA IO OLONA RESAHINAO IO", hoy izy namaly dia avy eo notohizany hoe: "MISY FARANY NY ZAVATRA REHETRA". Dia izay no anaovana ramatahora azy izao eny amin'ny mpitandro filaminana. Mametra-panontaniana ny maro: tsy azo atao intsony ve izany ny mamaly commentaire ao amin'ny FB fa maha voaantso eny amin'ny mpitandro ny filaminana? Dia tsy azo atao koa ve ny mankahery ireo olona hiharan'ny tsindry azolena?

Noho izay antony izay: ny Tanora Tiako i Madagasikara (TIM) dia manohitra marindrano ny fomba fanampenam-bava atao amin'ireo izay miezaka mijoro. Manohy hatrany ny fitakiana ny fampiharana ny andininy faha-10 amin'ny lalampanorena mikasika ny zo hiteny sy haneho hevitra izy ireo. "ZO FOTOTRA ARAKA NY VOALAZAN'NY LALANA AO AMIN'NY ANDININY FAHA- 10 NY MITENY SY MANEHO HEVITRA, KA ATSAHARO NY FANAPENAM-BAVA", hoy ihany ny fanambarana.



Lydia Rasoarimalala, Tanora TIM Fianarantsoa, voaantso eny amin'ny mpitandro filaminana.

**Stefa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Mpiara-dia amin'ny mpitondra
## Tsy hita izay atao ho môdely ho tarafim-bahoaka

Mahavariana sy mahalasa eritreritra lalina, ny fahitana sy fandrenesana ny fiteny, sy fomba fihetsik'ireo olona eo amin'ny fitondrana tato ho ato. Tranga niseho na tamin'ny filohan'ny Repoblika na tamin'ireo olomboatendry, na ihany koa tamin'ny olom-boafidy, izay niteraka resabe ny momba ity farany izao efa andro maromaro izay. Miseho matetitetika izany ary misarika ny sain'ny besinimaro hatrany, noho ny fampitana izany amin'ireo fitaovantserasera maro samihafa izay misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana. Hany ka saika maharaka izay avokoa ny maro. Ilay mitranga anefa tsy tena mitondra soa velively ho an'ny vahoaka sy ny firenena. Fihetsika na fiteny tsy voahevitra tsara no atao imasom-bahoaka, na tiana mihitsy hiditra any an-tsaim-bahoaka. Ireny toe-javatra ireny tsy azo atao odian-tsy hita, fa miantefa sy misoko mangina ho lasa leson-dratsy ho an'ny zatovo sy tanora ary hanana ny handraisany azy ihany koa ny olon-dehibe. Hatraiza marina ny fahatsapany fa ireo olona eo amin'ny fitondrana ireo no tarafin'ny olom-pirenena, na ny sarambabem-bahoaka amin'izay fifandraisany amin'ny hafa eo amin'ny fiainany andavanandro eo. Raha zavatra tsy vanombanona loatra no aseho sy voizin'ny mpitondra dia mazava loatra, ho toy izany ihany koa ny ho vokatra ho azo any aoriana. Arakaraka ny hafafy ihany no jinjaina, fa tsy misy ny fahagagana. Izay indrindra no mahadiso hevitra ireo olona izay mitsara avy hatrany ny vahoaka amin'ny fihetsik'iray asehony amin'ny fotoana iray misy tranga mifamahofaho eo anivon'ny fiaraha-monina na firenena. Io fihetsika'io ny fotony dia mifamatotra amin'ny fihetsika na fiteny nataon'ireo olona eo anivon'ny fitondrana ihany, fa tsy toe-javatra tongatonga ho azy amin'izao akory.

Raha nandre ny fomba fitenin'ny filohan'ny Repoblika namaly imasom-bahoaka ny hevitr'ilay olomboafidiny tsy mitovy hevitra aminy, dia ny tsapa, toy ny tsy nipetraka marina eo amin'ny tena tokony ho toerany ny tenany. Toy izay koa ilay olom-boafidy nifamaly tamin'ny mpanabe mpampianatra taranja fanatanjahantena. Niseho koa izany tranga izany tamina olom-boafidy sasany hafa. Hoentina mankaiza marina ity firenena ity, raha ny tokony hipetraka ho môdely no mivaralila mamohehitra? Ny firenena anefa ity mikoroso fahana hatrany eo amin'ny sehatra maro samihafa. Ny ezaka fanarenana azy tsy hita soritra mazava.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Kanto R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Filoha Rajoelina

# Tompon-daka fa amin'ny tsy fahaizana mitantana

Iaraha-mahatadidy ny fanambaran'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina tany Toliara, tamin'ny fotoan'ny fampielezan-kevitra, tamin'ny naha-kandidà azy ho filohan'ny Repoblika, ka nilazany fa efa in-dimy izy no tompondaka tamin'ny taranja "karate". Tsy mbola misy porofo entina hanamarinana izany, nefa toa manaporofo izany ny fihetsiny, na talohan'ny fifidianana, na amin'izao izy filohan'ny Repoblika izao. Mbola tsy vita tokoa ny fifidianana dia efa nanambara izy fa "tsy maintsy lany", ary dia lany tokoa izy, ary tsy ho resahina na tamin'ny fomba ahoana na tamin'ny alàlan'ny inona. Ny fanamby napetrany voalohany dia ny hanangana sy hanorina izay tsy vitan'ireo filoha nifandimby teto amin'ity Nosy ity nandritra ny enimpolo taona, izany hoe taorian'ny namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena. Angamba tsy fantatry ny filohan'ny Repoblika, fa tsy toy ny fanatanjahantenan' olon-tokana (sport individuel) ny fitondrana ny Firenena, fa asan'ny ekipa iray, sy fiaraha-miasan'ny andrim-panjakana mijoro sy ireo rafitra isan'ambaratongam-pitantanana. Tsapa avy amin'ny toetsaina sy hetsika ataon'ny filohan'ny Repoblika, fa mihevitena ho mahavita mitantana ity Firenena ity samirery izy. Vao tonga teo amin'ny fitondrana ity tompondaka ity dia efa nanisy sira valala teny an-danitra, ka nidehaka fa efa teo am-pelatànany sahady ny amboara ka izy no hanampy an'i Comores sy ny firenena manodidina eto amin'ny Ranomasibe Indiana. Tsy mbola manana na inona na inona akory entina mampandroso ara-toekarena ny Firenena dia efa milaza, nilaza fa tompondaka eran-tany, ka nanimbazimba ny mpiaramiombon'antoka (PTF). Noho ny tandrametaka sy fiheveran-tena ho maozatra noho ny maozatra eto amin'ity planeta ity, ka nilaza ny mpitondra tenin'ny governemanta fa tsy mafy noho ny kolerà sy pesta ny valanaretina covid-19, izay namono olona an-tapitrisa tany amin'ny firenena any Azia, Eoropa sy Afrika ary Amerika. Nirehaka ihany koa fa nanana ny fitaovana enti-miady manara-penitra, kanjo niaraha-nahita ny vokatr'izany. Namoaka ny lalàna nampihàtra ny "hamehana ara-pahasalamana", ka voatery niantso vonjy tamin'ny mpiara-miombon'antoka na dia teo aza ny vava tsy ambina. Tsy nahazo ny titra ho tompondaka tamin'ity ady ity kanefa dia nanalabaraka ny nampiasana ny vola azo, ka notakian'ny mpanampy ny fanamarinana ny fomba nandaniana izany. Nanampy trotraka ihany koa ny Fitsarana ny Kaonty (Cour des Comptes) kanefa dia mbola nampiseho ny maha tompondaka azy indray ny filohan'ny Repoblika kanefa heverina fa ho "disqualifié" izy araka izany. Izao toe-javatra misy izao tokoa no tonga amin'ny fitenenana hoe: "ny loza tsy tonga irery", satria tsy mbola resy ny valanaretina dia nandravarava indray ny rivodoza nifanesy. Nandeha irery aloha ny "tompondaka" tamin'ny fanampiana voalohany ireo traboina satria tsy vitan'ny tranga lela ny fizarana vary masaka sy laoka, ka tsy maintsy naniraka ny ekipa hidina ifotony avy eo, satria tsy resiny samy irery ny nifanandrina taminy. Tonga ny "vatsy" isan-karazany nozaraina tamin'ny traboina kanefa dia mbola tsy takona nafenina indray fa tompondaka amin'ny fanodinkodinana ny fanampiana avy any ivelany ny mpitondra amin'ny ankapobeny, satria dia misy ampahany amin'izany hamidy amin'ny Malagasy satria, hono, tsy azo zaraina omena maimaimpoana ny vahoaka, fa mba asaina mandray anjara kely kanefa mandeha aiza ny vola azo avy amin'ny vidin'ireny fanampiana ireny? Raha fehezina ireo tranga rehetra ireo dia tena tompondaka amin'ny fanitsakitsahana lalàna sy fitsipika ary tompondaka ihany koa eo amin'ny fampisangodirana ny fomba fiasa, ka tsy voafaritra intsony iza no manao inona ary iza no tompondraikitra amin'ny fiatrehana ny tranga tsirairay. Ny mampanahy eto amin'ity Firenena ity anefa dia ireo rafitra mpitsara ny raharaha toy ireo voatanisa etsy ambony ireo dia toa tsy sahy mitsara araka ny lalàna sy ny fahamarinana ny zava-doza mambotry ity Firenena ity.

**_Andry Tsiavalona_**

## Vehivavy TIM sy ny Filoha Ravalomanana

# Firaisankina hatrany no hampahomby ny antoko

Noho ny fahatongavan'ny taona vaovao, na efa hifarana aza ny volana febroary dia tonga niarahaba ny filoha Marc Ravalomanana teny amin'ny trano fonenany teny Faravohitra ny solontenan'ny Vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM) Analamanga, omaly 23 febroary. Tao anatin'izany no nanamafisan'ireo Vehivavy TIM tamin'ny alalan'ny filoha mitarika vonjimaika Rahelisoa Arphine, fa hiasa sy hampiroborobo ny Vehivavy TIM izy ireo, satria ny vehivavy no maro an'isa eto amin'ny firenena . Ny vehivavy ihany koa no tena mahatsapa ny fahasahiranana misy eo amin'ny tokantrano Malagasy ankehitriny . Nanambara ireo vehivavy TIM fa tokana ny tanjony dia ny famerenana ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray . Tsy moramora anefa izany fa mitaky asa , ka tsy andrarakilo mby andoha ireo renim-pianakaviana, fa vonona hatrany araka ny baikon'ny antoko hoe: ilaina ny fijoroana. Hiezaka hitondra rivo-baovao ao anatin'ity antoko najoron'i Dada ity ihany koa izy ireo. Nisaotra ireo vehivavy TIM ny filoha nasionalin'ny antoko Marc Ravalomanana, raha nandray anjara fitenenana. Miraisa hina hoy izy , fa izay no antoka hampahomby ny antoko . Hiezaka isika satria efa mijaly ny vahoaka Malagasy, hanala azy ireo ao anaty fahantrana lalina ankehitriny .

**_Niaina_**



*Ny solontenan'ny Vehivavy TIM Analamanga, nifampiarahaba tratry ny taona tamin'ny Filoha Ravalomanana, teny Faravohitra.*

## Zazah Ramandimbiarison

# Tandremo, tandremo, miha-mikoroso fahana ny firenena



*Ny mpahay toekarena, Praiministra lefitra teo aloha, Zazah Ramandimbiarison.*

Naneho hevitra mahakasika ny toe-draharahampirenena amin'izao fotoana Andriamatoa Zazah Ramandimbiarison, mpahay toekarena, efa Praiministra lefitra teo aloha: "Ny fomba fitantanana tsy tonga lafatra, ny fanodinkodinam-bolam-panjakana, ny fijangajangana ataon'ny manampahefana ambony sasany, ny fanondranana antsokosoko ny harena voajanahary eto amintsika, ary ny vaovao diso amin'ny ankapobeny, no lohatenin'ny tambazotram-pifandraisana rehetra. Tandremo, tandremo fa miha- mikorosofahana ny firenena. Ny fitantanana ny fahefana sy ny fampiharana ny demokrasia ataon'ny mpitondra amin'izao fotoana izao dia efa miha-ratsy ary mety hampidi- doza mihitsy. Efa mavaivay ny kolikoly avo lenta. Ny zavaniseho tato ho ato mampiseho an'izany. Ny tsaho tsy marina no mitazona ny fiainan'ny Malagasy andavanandro. Vao mainka manamafy ny fialan'ny olom-pirenena amin'ny andraikitry maha olom-pirenena azy, izay toetra saika tsy misy intsony amin'izao fotoana izao. Ny fomba fitantanana miseho dia mandrisika ny fitondran-tena mitondra ny olona any amin'ny heloka bevava , efa eny anivon' ny fitondrana mihitsy aza. Manaraka ny dian'ny fitondrana teo aloha ny fitondrana ankehitriny, amin'ny firaisana tsikombakomba eo amin' ny fijerena ny tombontsoan' olon-tsotra vitsy fotsiny; izay nolavin'ny rehetra fatratra tamin'izany fotoana izany. Ny rafitra ara-toekarena dia nanjary nivadika ho maloto ary manome vahana ny mpanankarena sy ny "mpanankarena vaovao, tao anatin'ny roa taona latsaka monja". Miha-mitombo ny fanilikilihana sy ny tsy fitoviana eo amin'ny mpanankarena vitsy an'isa sy ny vahoaka maro an'isa. Ny tsy fisian'ny fitsipika mangarahara sy ny fandrindrana tsara ny hetsika ho an'ny tombontsoa iombonana dia vao mainka manasarotra sy manimba ny toe-draharahampirenena. Mbola mitohy ihany koa ireo fomba ratsy eo amin' ny fampandehanandraharaham-pirenena, izay fomba fitantanana nitarika ny krizy nolalovan'i Madagasikara tato anatin'ny folo taona farany. Ny demokrasia ve dia ny fanaovana fifidianana sy ny fametrahana andrimpanjakana ara-dalàna fotsiny? Ny demokrasia ve dia tokony havadika ho jadona ataon'ny olom-bitsy nahazo fahefana tamin'ny alalan'ny fifidianana izay noheverina ho "malalaka sy mangarahara" fotsiny? Tsy tokony ho laharampamehana koa ve ny fananganana fomba amam-panao sy fihetsika men- drika izay hiadanan' ny ambany lanitra, izany hoe ny fomba fiainana andavanandro rehetra izay manamora ny fiainam-piarahamonina manontolo ao anatin'ny fitoniana ? Izany no fototry ny demokrasia madio. Ao anatin'ny fotoan-tsarotra toy izao lalovan'ny firenena izao, no tokony hibanjinana ny ho avin'ny Malagasy rehetra. Ny kolontsaina malagasy dia manome ny vahaolana: mihaino, miresaka ary mifanaja. Ny mpanao gazety dia tokony homena fahafahana hitandraka ny vaovao eo anivon'ny andrimpanjakana rehetra, sy ny vaovao mahasoa, mba hisorohana ny fandikana diso sy ny tsaho tsy mitombina. Sa krizy lehibe hafa no tiana hiseho indray?"

**_Nangonin'Isambilo_**

## TONONKALO

### SOLOMBAVA TSY MODELY

Solombava mpihetraketraka, izany indray izao no malaza.
Tena tsy mahay mipetraka fa dia mifanahin-jaza ,
Ka mampiasa ny eo an-tanany ary koa ny lohambotony,
Mba hiarovany ny zanany amin-java-tsisy fotony !

Ary dia mihoerahoera , toy ny tsy ampy fahendrena.
(Faly ny mideradera , tsy mahay manaja tena!)
Mety mba nandia fianarana saingy tsy ampy fanabeazana,
Ka tsy mitondra fivoarana fa mampisento ireo mpitazana !

Solombava fozaorana , efa zatra dia mianoatra.
Tsy mahita izay hizorana amim-pomba tena tsotra,
Sady tsy manadihady no tsy tia ny lala-marina,
Ka dia fantatra sahady fa any an-kady no hivarina !

…Misy fetra ny fotoana maha solombava anao,
Ry tia miteniteny foana sy tsy misy kalitao.
Atsimondrano raha izao dia efa leo sy tena boboka,
Ka dia miomàna ianao fa tsy ho ela dia hijoboka !

**_IRINA HO TAFITA (23-02-22)_**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny solontenan'ny Vehivavy TIM Analamanga, nifampiarahaba tratry ny taona, tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana, teny Faravohitra.

















# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka, sary facebook.

Ny solontenan'ny Vehivavy TIM Analamanga, nifampiarahaba tratry ny taona, tamin'ny filoha Marc Ravalomanana, teny Faravohitra.









Ny fikambanana Donnons Nous La Main, nanome fanampiana ho an'ireo zaza kambotin'ny Zandarimariam-pirenena, tany Arivonimamo.





Ny asa tagnamaro nataon'ny Tanora Arema tany Avaradrano.





FIKAMBANANA DONNONS NOUS LA MAIN

# Nanolotra fanampiana ho an'ny zaza kambotin'ny zandary tany Arivonimamo

Mitohy hatrany ny asa sosialy ataon' ny fikambanana Donnons Nous La Main, izay tarihan-dRamatoa Samirah, ho an'ireo fikambanana miahy zaza kamboty, sy ireo fianakaviana sahirana. Taorian' ny tao amin'ny Akany Avoko teny Ambohidratrimo dia ny Akany fitaizàna ireo zaza kamboty navelan'ireo zandary maty amperin'asa tany Arivonimamo faritra Itasy indray, no notoloranan'ny fikambanana Donnons Nous La Main kilalao toy ny jeux de société. Nisy koa ny fanolorana vary, menaka, savony, klin, voamaina, siramamy ary lafarina. Tao anatin'izany ihany koa no nanolorana latabatra sy seza ho an'ity akany ity, mba ho fanampiana ny fitaovana hampiasain'ny akany.


*Ny fanolorana fanampiana nataon'ny fikambanana Donnons Nous La Main, ho an'ny Akany mitaiza ny zaza kambotin'ny zandary any Arivonimamo.*

Velom-pisaorana ny fikambanana Donnons Nous La Main ny tompon'andraikitry ny Zandarimariam-pirenena tao antoerana, raha nandray ny fanomezana avy amin'ity fikambanana ity mpanao asa soa ity. Mbola hitohy hatrany ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta araka ny nambaran-dRamatoa Samirah ary hijery ny fikambanana tratry ny fahasahiranana ankehitriny koa ny fikambanana mpanao asa soa tarihany.

**Helisoa**

Fampianarana amin'ny tenindreny

# Fampitana fahalalana mahomby indrindra

Ny Unesco, sampandraharahan'ny Firenena Mikambana miandraikitra ny kolontsaina sy ny fanabeazana, no nifidy ny 21 Febroary ho andro iraisampirenena ho an'ny tenindreny.

**INONA NO ATAO HOE TENINDRENY ?**

Tsotra ny hanazavana azy , ny tenindreny dia izay teny ampiasain'ny reny iresahany amin'ny zanany, manomboka ao ambohoka sy vao teraka ary mandrapahalehibe an'ilay zaza.

Mazava fa ho an'ny reny frantsay dia ny teny frantsay no ifampiresahan'ny reny frantsay amin'ny zanany, toy izany koa ny anglisy, ny sinoa, ny karana, ny kaomoriana, ny marokana, sns… ary ho antsika malagasy, ny ankamaroan'ny reny malagasy dia mampiasa ny teny malagasy rehefa miresaka amin'ny zanany any ambohoka sy vao teraka mandrapahalehibeny .

**NY TOMBONY HO AN'NY TENINDRENY**

Ny Unesco efa hatramin' ny taona maro lasa no efa nanambara fa ny fampitana fahalalana mahomby indrindra dia ny fampianarana amin'ny tenindreny, satria ny tenindreny no nandrafitra ny sain'ilay zaza hatrany ambohoka sy hatramin'ny fahakeliny, mora ho azy ny mandray ny fahalalana amin'ny tenindreny, fa raha tenimpirenen'ny hafa dia lasa mpanao tsianjery maimbo ilay zaza, lasa mpamerina ny nataon'ny hafa fotsiny, fa tsy afaka hikarokaroka, voaporofo izany f'ireo manampahaizana mpikaroka na "savant" manerantany dia nampianarina tamin'ny tenindreny avokoa, na sinoa na amerikana na rosiana na karana na frantsay, sns… ary izay no mahatonga antsika malagasy manana manampahaizana be diplaoma, fa somary gisitra ihany eo amin' ny fanaovam-pikarohana ary matoa isika malagasy mifikitra mafy amin'ny fivavahana krisitiana, tsy azo hozongozonina ny finoana dia satria nampianarina tamin'ny tenindre- ny ny baiboly izay efa tamin'ny 21 Jona 1835 no efa voadika tamin'ny teny malagasy.

**NATAO AMBANINJAVATRA NY TENINDRENY**

Ny fitondrana tamin'ny Repoblika faharoa no niroso tamin'ny fanagasia-na ny fampianarana, sain- gy tsy nahomby izany, tsy ny teny malagasy no tsy lavorary fa ny fomba nanaovana ilay fanagasiana mihitsy no tsy araka ny tokony ho izy, raha tsorina dia toa nokendrena mihitsy ny tsy ahombiazany, satria tsy nisy ny tetibola mazava nanofanana ny mpampianatra sy nanapariahana ny boky nampiasaina, nony ratsy ny vokatra azo dia nifandrombahana ny mitanisa ny hoe tsy lasa ilay fanagasiana, f'aleo miverina amin'ny teny frantsay ihany, ary vao mainka nohindrahindraina ny " ecole d'expression française", izay mahatonga ny ankizy malagasy ho lasa bolokimbazaha.

**NY FANKALAZANA NY TENINDRENY**

Mankalaza isantaona ny tenindreny isika malagasy, nanome lanja izany ny fitondrana notarihan'ny Filoha Ravalomanana, saingy nony tonga ny taona 2009 nandraisan'ny mpandroba fahefana, mpanongam-panjakana ny fitantanana ny firenena dia zara fa misy ilay andro iraisampirenena ho an'ny tenindreny, na izany aza, maro ireo manampahaizana malagasy efa sahy mijoro tsy miandrandra ny fitondrana intsony, toy ireo akademisiana sy ireo mpampianatra sady mpikaroka eny amin'ny ambaratonga ambony.

Ny teny filamatra noraisina tamin'ity taona 2022 ity dia: '' Ny fampiasana ny teknolojia amin'ny fampianarana mifototra amin' ny fimaroanteny : Fanamby sy Fanararaotra''.

**Ny Valosoa**

Kolontsaina sy fanabeazana

# 75 taona ny AFT : Alliance Française Antananarivo

Ho feno 75 taona ny sabotsy 26 febroary ho avy izao ny AFT, na ny Alliance Française de Tananarive, na ny Alliance Française Antananarivo, ka amin'ny sabotsy io no hanokafana amin'ny fomba ofisialy izany fankalazana izay etsy Andavamamba. Ny fikambanana Fikoframa, na Fikambanana Koltoraly Frantsay sy Malagasy dia niova ho Alliance Française tamin' ny 26 febroary 1947, tao aorian'ny nandraketana izany tamin'ny Gazetim-panjakana na Journal Officiel. Ity Alliance Française teto Antananarivo ity no foibe ara-kolontsaina sy ara-panabeazana nijoro voalohany teto amintsika. Henri de Brugada no filoha voalohan'ny AFT tamin'ny nisokafany teto, tamin'ny taona 1972 kosa no nisy Malagasy voalohany nitondra ity AFT ity dia Pr Albert Rakoto Ratsimamanga. Teo Antsahabe no foiben-toerany tany am-piandohana, fa tamin'ny taona 1995 no nanomboka nanamboarana ny tranon'ny AFT etsy Andavamamba. Andraikitra sahaniny ny fampiroboroboana ny fiteny Frantsay amin'ny lafiny rehetra, fanomezan-danja ny kolontsaina eto an-toerana ary fampiroboroboana ny vakiteny. 7 ny filoha efa nifandimby nitondra ny Alliance Française Antananarivo hatramin'ny nijoroany:



*Ny AFT etsy Andavamamba.*

- 1947- 1972 : Henri de BRUGADA.
- 1972- 1980 : Pr Albert Rakoto RATSIMAMANGA.
-1980- 2000 : Jacky Rakotobe ANDRIAMANALINA.
- 2008 : Modeste RAKOTOMALALA.
- 2008- 2014 : Julien RAKOTONAIVO.
- 2014- 2019 : Henri RAZAFITSALAMA.
- 2019 ka hatramin'izao: Monique RAHARINOSY.

Fampirantiana lehibe mahakasika ny AFT Antananarivo, no hanokafana ofisialy izao jobily izao ny sabotsy izao.

**Aly**

Mpianatry ny Oniversiten'Antananarivo

# Tsy diso anjara tamin'ny fankalazana ny andron'ny skoto eran-tany

Tsy diso anjara tamin'ny fankalazana ny andron'ny fanabeazana skoto maneran-tany, na ny andron'ny mpamorona ny 22 febroary teo, ireo mpianatra notezaina tamin'ny fanabeazana skoto eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo. Ho fanamarihana izay fankalazana ny tontolo andron'ny Mpamorona izay, nanao famoriana miaraka teny amin'ny Esplanade Ankatso, ireo Skoto lahy sy vavy maherin'ny 300 mianatra eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo, avy amin'ny: Fanilon'i Madagasikara, Kiadin'i Madagasikara, Mpanazava eto Madagasikara, Antilin'i Madagasikara, Tily Eto Madagasikara. Ho fanabeazam-boho ny firahalahiana sy firaisankina eo amin'ny samy Skoto no natao tamin'izany. Fotoan-dehibe iray nanehon'ireo tanora ny anjara toeran'ny fanabeazana skoto eo amin'ny fiaraha-monina eny Ankatso, nanehoan'izy ireo fa velona ary miaina ny fikambanana, noho ireo tanora beazina sy mpiandraikitra, izay solofo sy dimby rahampitso.

**Niaina**


*Ny hetsika teny Ankatso ny 22 febroary lasa teo.*

Rivodoza Emnati, nahazo rano Androy

# Lasibatra Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Ihorombe…

Ny fahorian'ny sasany tokoa hifalian'ny hafa, raha ny mahakasika ny fandalovan'ny rivodoza Emnati, satria azo lazaina ho velom-bolo ny tany amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy, tany Androy sy Anôsy satria nahazo rano, nahazo ranon'orana, noho ity rivodoza ity. Sahirana tanteraka kosa ny faritra hafa, satria lasibatra fanindroan'ny rivodoza indray tamin'ity taona ity. Lasibatr'i Emnati izay indray ny faritra Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Ihorombe. Tratra koa ny faritra Anôsy ary Androy, fa ho an'ireto farany, azo lazaina ho ilain'izy ireo ny fisiana rivodoza, satria raha vao mahazo rotsakorana, sy rano avy amin'izany izy ireo dia afaka mamokatra, ary mety tsy ahiana ny hisian'ny kere amin'ity taom-pamokarana ity. Tany amin'ireo faritra hafa kosa, azo lazaina ho nandrava i Emnati, nanimba trano, foto-drafitrasa samy hafa, voly isan-karazany, sns… Efa nivoaka an-dranomasina alina ity rivodoza ity, miha-tsy hatahorana intsony ny momba azy raha ny andron'ny anio.

**Niaina**



# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**19/02/2022 hatramin'ny 26/02/2022**

- **ANKAZOMANGA** ( Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (‡ 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1266-02-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

## TRANOMBAROTRA BAOLAI

# Mitohy ny « promotion cadeaux »

Rehefa vanim-potoana toy izao dia maro ireo izay te hanavao ny ao an-tokantrano ao. Misy ihany koa ireo izay te hanolotra cadeaux tsara sady miavaka ho an'ny olona akaiky azy. Manana tolotra mifanojo amin' izany indrindra ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano ary ao Bazar-be Toamasina. Hoy ny tompon'andraikitra: «vao nahatonga panneaux solaires mono sy polycristaline izahay. Mbola mitohy ny « promotion-cadeaux » amin'ireo Smart Tv sy Télé Led « Jeyoo » sy « Hisense » ato aminay, misy manomboka 32" hatramin' ny 85 " (misy antoka 1 taona daholo), mandrapaha- tapitra ny stock izay misy. Ary ny entana rehetra ato aminay dia 1er choix avokoa, izay natao hatrany mifanaraka amin' ny filana sy fahefa-mividin'ny besinimaro », hoy ny tompon' andraikitra. Marika avo lenta daholo no hita ao amin' ity Tranombarotra lehibe iray ity raha resaka fahitalavitra fisaka. Anisan' izany ny « Hisense » , mpanohana ofisialy ny mondial 2022. Ny eto Madagasikara dia ny Tranombarotra « Baolai » no « Représentant officiel » an 'ity marika ity efa ho 12 taona lasa izao. Mbola misy koa ny synthetiseur - fer à lisser ( volo ), cuisinière à gaz sy électrique - amplibaffle sy subwoofer rechargeable- four micro onde - réfrigérateur, - amplificateur. Ny antsipirany izany rehetra izany, dia ho hita ao amin' ny site web sy pejy facebook baolai ary ao amin ny laharana an-tarobia 020 2260588 sy 0202230848. Dia ho maro loko ity taona 2022 ity miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».

***Stefa***




*Karazan'entana hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Ortana

# Fenofeno ny fandaharam-potoana amin'ny « randonnées 2022 »




Ho fenofeno ny fandaharam-potoana amin'ny « randonnées 2022 », na fanatanjahantena dia an-tongotra laroina fizahantany, izay karakarain'ny Ortana, na ny Ofisim-Paritry ny Fizahantany amin'ny faritra Analamanga. Hanomboka ny 12 martsa 2022 ho avy izao izay hetsika randonnées, ho karakarain'ny Ortana izay ary tsy hifarana raha tsy any amin'ny volana desambra amin'ity taona ity. Sady hanao fanatanjahantena ireo mpandray anjara amin'izany, no hiala voly sy hizahatany sy hizaha voahary. Hitety ireo havoana, lohasaha, lemaka, ala, amin'ny faritra Analamanga ireo mpandray anjara mandritra izany. Indroa isam-bolana no hisian'ny randonnées amin'ity taona, hahatratra 18 ny isany hatramin'ny faran'ny taona, isaky ny sabotsy faha-2 ny volana dia fanatanjahantena dia an-tongotra laroina fizahantany ho an'ny mpianakavy, no hokarakarain'ity Ofisim-paritra ity, ny sabotsy faha-4 isam-bolana kosa dia somary fanatanjaham-batana henjakenjana kokoa. Any Manjakazafy no hanombohana ny randonnées 2022 ny Ortana ny sabotsy 12 martsa ho avy izao io.

***Aly***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 385**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0384)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Bibilava | - Adinony | - Barea | - La – Nosy |
| - Malaza (miv) | - Raiso (miv) | - Iza – Dia | - Ambony |
| - Rano – BOA | - Mahay – Ta | - Bandy | - Tay (miv) |
| - No | | - Ilo – Noa | - Atao – Rà |

## TENY MIFANAPAKA N° 385



**Mitsivalana**

**1.** Tsy manaiky – Hazandrano (miv) **2.** Tontosaina **3.** Fanampin'anarana – Vizana **4.** Ako tsy misy farany – Zava-maitso **5.** Esotra – Nivazo (miv) **6.** Nantsoina **7.** Milaza fananana – Foto-tongotra (miv) 8. Fanontaniana – Volana maro 9. Nikaon-doha miaraka – Tovona (miv) **10.** Metaly – Manaovalan-dresaka (miv)

**Mitsangana**

**A.** Bibilava **B.** Tafita – Mpanolotra **D.** Tampisaka – Fanehoana (miv) **E.** Fihaonam-be – Maro loko (miv) **F.** Tsirin-teny Iharana – Ak‡na vao mitombo (miv) – Taova (miv) **G.** Farihy goavana **H.** Karazan'omby (miv) – Ila, iry (miv) **I.** Ireo nateraka **J.** Nolatsain'ny ratsy natao (miv) **K.** Tsiro – Mahamay (miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0384

**Mitsivalana**

**1.**Bisikileta **2.** Aba - Sola (miv) **3.** Olombelona **4.** Lokoana - Ti **5.** (H)ita - Ray - (N)on(o) **6.** No - Fo - Nosy **7.** Aizat? - Bara **8.** Nefa - Tia (miv) **9.** Tara - Alina **10.** Aorianao

**Mitsangana**

**A** Baolina **B.** Lotoina **D.** Saoka - Zera **E.** Omby (miv) - Fafao **F.** Kabaro **G.** Ena - A.I **H.** Lalaina - La **I.** Elo - Niaro (miv) **J.** Tontosaina **K.** Asaina - Tao

## NY TENY FIAINANA

*"Mamindrà fo amiko, Jehovah ô, fa reraka aho; sitrano aho, Jehovah ô, fa mihozohozo ny taolako".*
***Salamo 6:2***

### Dimitry Caloin mpilalaon'ny Barea

# Hilalao baolina kitra amin'ny ekipa eto an-tanindrazana

Nahavita sonia fifanaraham-piarahamiasa ny hanatevindaharana ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc Mahajanga, ilay mpilalao irakirakin'ny Barea Malagasy, Dimitry Caloin.
Tamin'ny 8 mey 1990 tany Limoges Frantsa no teraka i Dimitry Caloin, 31 taona izy, mirefy 1,93 m ary milanja 92 kilao.
Tao Toulouse no namolavola azy tamin'ny baolina kitra, avy eo nandalo tao amin'ny ekipan'ny Fc Limoges, Cholet, Les Herbies sy tao amin'ny Fc Villefranche nialohan'ny nifindrany tao amin'ny Fc Fleury 31 (ekipa frantsay ao amin'ny National 2) niaraka tamin-dry Marco Bakary, Zotsara Randriambololona ary i William Gros.



*Dimitry Caloin ankavia amin'ny sary.*

Tamin'ny 9 jona 2017 izy no voaantso voalohany tao amin'ny Barea, ka nandray anjara tamin'ny lalaom-bondron'ny fifanintsanana CAN 2019 nifanandrinan'ny Barea tamin'i Soudan. In-17 izy no voaantso tao amin'ny ekipam-pirenena ary nandray anjara tamin'ny lalao ôfisialy 7 niaraka tamin'ny Barea de Madagascar, ka anisan'ireo mpilalao “Quart de finaliste de la CAN 2019 ». Laharana faha-24 no hoentin'i Dimitry Caloin ao amin'ny Fosa Juniors Fc.

***Rainilita***

### Athletisma - Cross Country Manakara 2022

# Hahemotra amin'ny fotoana manaraka noho ny rivodoza


*Athleta Malagasy.*

Noho ny “Cyclone” izay fantatra fa nandalo tany Manakara dia tapaky ny fivorian'ny mpikambana ao amin 'ny FMA: “Federation Malagasy d'Athlétisme”, tamin'ny alatsinainy 21 febroary 2022 teo, fa hahemotra indray ny “championnat de Madagascar de cross country”, izay saika ho tanterahina amin'ny sabotsy 26 febroary 2022 izao any amin'ity toerana ity.
Mety hotazonina any Manakara ihany ny hetsika, na koa mety hafindra any amin'ny toerana kafa mihitsy.
Tamin'io alatsinainy 21 febroary maraina io anefa, nandritra ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety nataon'ny FMA sy ireo mpanohana ny hetsika (Telma sy Eau vive) teny Andraharo dia mbola nampiseho ny fahavononany tanteraka ny amin'ny hanantanterahana ny hetsika izy ireo.
Fantra fa athleta miisa 224 avy amin'ny ligim-paritra 13 afa-tsy i Bongolava, no saika ho avy any Manakara amin'io datin'ny 26 febroary io, ka saika handray anjara amin'ny hazakazaka 2km, 4km, 6km, 8 km ary 10 km, sy amin'ny “relais inter-quartier”.
Marihana fa saika hatao ho fanokafana ny taom-pilalaovana vaovao'ny athletisma ity hetsika ity, sady ho fisedrana voalohany an'ireo mpitantana vaovao'ny FMA tarihan'ny filohany, Raherison Dominique, ihany koa.

***Rainilita***

### Volley-ball eto Madagasikara

# Fantatra ny “programa amin'ity taona 2022 ity

Araka ny nampahafantarin'ny Federasiôna Malagasy ny taranja volley-ball dia fantatra ankehitriny ny: “Programme d'activités 2022” ho an'ity taranja ity.
1.Fifaninana Volley-ball :
1.1-“Championnat ligues régionales, Jeunes – U 23 - Séniors » : hatao ny 1 martsa ka hatramin'ny 31 jolay 2022, ho tontosain' ireo ligy rejiônaly rehetra .
1.2-« Coupes ligues régionales, Toutes catégories » : hatao amin'ny volana martsa, ka hatramin'ny desambra 2022, ho tontosain'ireo ligy rejiônaly rehetra .
1.3-“Cool Volley” : « Vacances Scolaire 8 - 12 ans », ho karakarain'ny CAVB/ DREN/DRJS, mbola ho faritana ny toerana.
1.4-“Championnat des clubs Cavb Zone 7, Séniors Hommes/ Dames” : ho karakarain'ny Zône 7/FN, mbola ho faritana ny toerana.
1.5-« Championnat d'Afrique des clubs, Séniors Hommes/ Dames », ho karakarain'ny CAVB/F N, ho tontosaina alohan'ny 22 mey 2022, mbola ho faritana ny toerana.
1.6-« Autres Compétitions Internationales, Séniors et Jeunes » : ho karakarain'ny CAVB/F N, mbola ho faritana ny toerana sy ny daty hanaovana azy.
1.7-« Championnat de Madagascar 2è DiV, Séniors 2Df/ 2DM » : ho karakarain'ny FMVB/ LRVB ANALAMANGA, ho tontosaina amin'ny 19 ka hatramin'ny 24 aogositra 2022.
1.8-« Coupe de Madagascar Jeunes, Moins de 14(F/G-19(F)-21(G) » : ho karakarain' ny FMVB/LRVB ANALAMANGA, ho tontosaina amin'ny 19 ka hatramin'ny 24 aogositra 2022.
1.9-« Championnat de Madagascar 1ère DIV, Séniors 1Df/ 1DM » : ho karakarain'ny FMVB/ LRVB ANALAMANGA, ho tontosaina amin'ny 17 ka hatramin'ny 25 septambra 2022.
1.10-« Coupe de Madagascar Elite U23, Moins de 23ans F/G » : ho karakarain'ny FMVB/ LRVB ANALAMANGA, ho tontosaina amin'ny 29 ôktôbra ka hatramin'ny 06 nôvambra 2022.
2-Fifaninana Beach-ball :
2.1 : -“Championnat et Coupes Régionales Toutes catégories » : hatao ny 1 martsa, ka hatramin'ny volana desambra 2022, ho tontosain'ireo ligy rejiônaly rehetra .
2.2 :- « Championnat de Madagascar, Séniors H/D – JEUNES




*Mpilalao Volley-ball Malagasy.*

U18 F/G»: hatao amin'ny 12-13-14 aogositra 2022, ho karakarain'ny FMVB/LRVB ATSINANANA any Toamasina.
2.3 -« Autres Compétitions Internationales, U 21 – Séniors », ho karakarain'ny CAVB ZONE 7/F N, mbola ho faritana ny toerana sy ny daty hanaovana azy.
« Assemblée Générale Ordinaire » : ho karakarain'ny FMVB/ MJS/COM amin'ny 25 septambra 2022 eto Antananarivo.
3- « Formations des Cadres Techniques :
3.1 : « Formation : Colloque Technique – Organisation Compétitions et Admnistration LRVB/CLUB », ho tontosaina amin'ny 19-20-21-22 april 2022, mpikarakara : FMVB/ MJS/COM eto Antananarivo, mpandray anjara « ENTRAINEURS , CTR , ARBITRES et DIRIGEANTS DE LA LRVB /CLUB…
3.2 : « Formations et Recyclage Arbitrage » : handraisan'ny «ARBITRES et CANDAIDATS ARBITRES » anjara, ho tontosaina an'ny Faritra rehetra arakaraky ny daty hatolotry ny LRVB.
4. « Formations des Joueurs (Euses) » :
4.1-« Formations des Joueurs(euses) U19 Filles – U21 Garçons », mpandray anjara ny « CLUBS 6 JOUEURS – JOUEURSE – COACHES, ho karakarain'ny FMVB/MJS/COM eto Antananarivo amin'ny 28 aogositra, ka hatramin'ny 01 septambra 2022.
4.2-« Regroupements Equipes Nationales Séniors Hommes/ Dames – Préparation 11è Jeux des Iles 2023 » : handraisan'ireo « CLUBS – JOUEURS – JOUEUSES – COACHES anjara isaky ny Alarobia – Alakamisy – Zoma manomboka amin'ny 4 ka hatramin'ny 6 ora hariva, mandritra ny volana mey, ka hatramin'ny volana ôktôbra 2022, ho karakarain'ny FMVB/MJS/COM eto Antananarivo sy any Toamasina.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Tsaramaso sy tongo-kisoa** indray, no laoka amin' ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ridritra izany, na hatao saosy ketsaketsa ihany koa. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny voana papaye



Ny soa azo avy amin' ny voana papaye indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tehirizo ny voana papaye manomboka androany fa fanafody izy. Misy: calcium, magnésium, phosphore, vitamine C, fibre, fer, zinc. Ireo zava-tsoa entiny :
- Miaro amin'ny fahanteran'ny sela, fanafana amin'ny fanaintainana.
- Miaro ary manasitrana aretin'ny voa.
- Manadio ny aty ary miaro amin'ny aretin'aty.
- Tsara ho an'ny tsinay, miaro amin'ny aretin'ny tsinay, manala kankana, manala mikraoba ao amin'ny tsinay.
- Miaro amin'ny homamiadana na cancer.
- Miaro amin'ny aretim-bavony. Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
- Manala tavy sy siramamy be ao amin'ny vatana.
- Mampidina tosi-drà.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambolodia Sud any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky

Tao aorian'ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 5 tany amin'ny distrikan'Antsalova faritra Melaky, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Besalampy any amin'ny faritra Melaky indray, no ampahafantarina anao manomboka androany eto amin'ny pejin'ny Mahaliana. Renivohitry ny kaominina Ambolodia Sud ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Besalampy. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 348 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ny 90% ny mponina any dia miasa amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana. Vokatra any ny vary, ny voanio na coco, ny mangahazo, ny raphia.

